

MORONDAVA

Alain'ny kaominina an-tery ny kianjan'ny tsipy kanetibe

Maro ireo tetikasa izay ataon'ny Oxfam Madagasikara ato amin'ny renivohitry ny faritra Menabe, maro ireo efa vita, misy koa anefa ireo izay andalam-panatanterahana, eo koa ireo vao hatomboka fa saika hitovizan'izy rehetra dia misy olana ny ankamaroany toy ny Centre Refuge, izay vao vita dia nampiasaina dia efa nihotsaka ny Plafond rehetra nandray ireo traboina, ka naharatra zaza menavava tamin'izay. Eo koa ny fanaovana ny lalana pavé ao Ankisirasira mampitohy an'Ampasy sy ireo tetezana telo ao amin'ny kaominina ambonivohitry i Morondava dia mitarina ireo mpiasa, fa mbola maro ny karaman'izy ireo tsy azo nefa ny asa efa vita ary efa natolotra ho ampiasain'ny kaominina. Ny lanonana fanokanana ireo tetikasa vita ireo dia tsy navela natrehan'ny



Ireo mpanao tsipy kanetibe niresaka tamin'ny ben'ny Tanàna sy tompon'andraikitra avy eo amin'ny Oxfam.

mpanao gazety, voalaza fa izay ny baiko avy any amin'ny Praiminisitra. Izao indray dia miditra amin'ny fanombohan'ilay tetikasa 5.1.2 fanitarana ny toerana maintso antanàn-dehibe izy ireo, ka ao amin'ny faritry ny voirie Morondava sy ao Nosy kely no hanatanterahana izay, izay vao manomboka dia efa mitranga sahadry ny olana, satria raha

ny ao amin'ny voirie Morondava dia efa tamin'ny taona 1990 no nanomezan'ny filankevitry ny kaominina tamin'izany io toerana io ho an'ny mpanao tsipy kanetibe ary efa maro ny vokatra azon'ireo klioba nilalao tao, satria efa namoaka mpilalao iraisam-pirenena maro ary efa namoaka tompon-daka lefitra eran-tany ny tsipy kanety be sy ireo

amboara maro efa azo teto Madagasikara, tamin'ny alalan'ity kianja ity, saingy amin'izao dia nofitahina izy ireo nolazaina fa ho hatsaraina hatao boulodrome, hay zavatra hafa no hatao eo ka nahena ny kianja izay tsy misy afa-tsy io ihany ho an'ny tsipy kanety be ary ireo club no niantoka ny fanajariana ny toerana sy ny fividianana ireo jiro ampiasaina ao. Koa manao antso avo ny ligin'ny tsipy kanety be ato Menabe sy ireo club ary ireo vato nasondrotry ny tany teo amin'io kianja io, fa isan'ny taranja mijaly kianja ny tsipy kanety be ato Menabe nefa dia isan'ireo taranja mitondra avo ny lazan'ny faritra Menabe sy ny firenena malagasy na dia eo aza izany olana izany dia izao alaina antery sy am-pitaka izao indray ny kianja kely mba hananan'izy ireo.

Rajepa

Sekolim-pirenen'ny Polisy

Hiatrika fiofanana mandritra ny 45 andro ireo mpiofana ho kômisera


Niditra an-tsekoly ny faran'ny herinandro teo, eny amin'ny sekolim-pirenen'ny Polisy (ENSP) eny Ivato, ireo mpiofana ho kômisera ao amin'ny polisim-pirenena vaovao. Hiatrika fiofanana mandritra ny 45 andro aloha izy ireo. Mikasika ny fametrahana filaminana sy fandriampahalemana maharitra, dia nisy ny fandraisana mpianatra ho Polisympirenena ho an'ny taona 2022 teo. Arak'izany dia mpianatra ho "Commissaire de Police" miisa 30 no niditra an-tsekoly ny alahady faha 15 oktobra 2023 lasa teo. Ahitana vehivavy 7 sy lehilahy 23 izy ireo, ka 47 taona ny zokiny indrindra raha toa ka 22 taona kosa

ny zandriny indrindra. Hiatrika ny fiofanana fototra na ny "FCB" izy ireo mandritra ny 45 andro, ka

amin'izany no hanomanana azy ireo ara-batana sy ara-tsaina. Hitarika ny fitandroana ny filaminana

an-tanàn-dehibe izy ireo atsy ho atsy rehefa vita ny fiofanany.

Stefa



Ireo mpianatra ho commissaire de police, namonjy ny toeram-piofanany ny alahady teo.

Grand Open TELMA 2023 Pétanque

Nahery teo amin'ny sokajy vehivavy i Tahiry sy Natha ary Matata

Tontosa teny amin'ny Boulodrome Para Ivato tamin'ny sabotsy 14 sy alahady 15 oktobra 2023 teo, ny fifaninanana tsipy kanetibe nokarakarain'ny FSBM, niaraka tamin'ny mpanohana ofisialy Telma, ka nandraisana

mpandray anjara olo-telo miaraka niisa 115 anjara (Sénior lehilahy 58, Sénior vehivavy 17, Jeune 20, Vétéran 20 ). I Luc sy Nanou ary Solohery sokajy Sénior lehilahy nandresy 19 - 09 an'i Kelly sy Bondy ary Tsiolonia teo amin'ny lalao famaranana, no nibata ny loka lehibe indrindra natolotra tamin'ity fifaninanana ity dia ny lelavola 1.500.000 Ar niaraka tamin'ny amboara kalisy. Lelavola nientina 800.000 Ar kosa no azon'ireo mpandresy teo amin'ny sokajy Sénior vehivavy, ka i Tahiry sy Natha ary Matata nandresy 13 - 02 an-dry Tita sy Vola ary Nadi, teo amin'ny lalao famaranana no nahazo an'izany . Mpandresy kosa teo amin'ny sokajy Juniors i Miavosoa sy Tiana ary i Ntsoa (Equipe nationale) nandava an'i Andry sy Kevin ary Fano 13 - 12 teo amin'ny famaranana. Teo amin'ny sokajy Vétérans dia i Danz sy Hery ary Cesar nandresy 13 - 11 an-dRalay sy Radany ary i Bary teo amin'ny lalao famaranana.




Mpilalao vehivavy teny amin'ny Para Ivato.

Rainilita

Nodimandry Pasitera Rahagalaha Misaona ny FJKM sy ny tontolon'ny hira ara-pilazantsara

Misaona amin'izao fotoana ny fiangonan'ny Jesoa eto Madagasikara na ny FJKM, sy ny tontolon'ny hira ara-pilazantsara, nodimandry afak'omaly alina ny Mpitan-drina Rahagalaha Andriamiadanarivo, mpitandrina tao amin'ny FJKM Ambondrona Firaisana ary efa nitondra ny fjkM Fihonana Ankazobe ihany koa. Ankoatra ny maha mpitandrina azy dia mpanakanto ara-pilazantsara ihany koa ny tenany, izy no namorona ny tarika ny Mpitory. Anisan'ny niara-nanatontosa ny Fihirana Fanampiny, ho an'ny fiangonana FJKM koa Pasitera Rahagalaha. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno sy miara ory amin'ny ankohonany, sy ny Tarika NY Mpitory ary ny fianakaviany rehetra.

Niaina



Pasitera Rahaga fahavelony.

Baolina kitra Euro 2024

Ekipam-pirenena miisa 7 no efa tafita ho any Allemagne

Ankoatra an'i Allemagne izay efa tafita ho azy, noho izy mampiantrano ny fifaninanana dia ekipam-pirenen'ny baolina kitra miisa 6 hafa, no efa fantatra ihany koa fa efa tafita hiatrika ny fifaninanana « Euro 2024 » ho tontosaina any Outre-Rhin Allemagne amin'ny 14 jona ka hatramin'ny 14 jolay 2024 ho avy izao. Ny ekipam-pirenena Frantsay 2023 tarihan'i Kylian Mbappé, izay voalohany tao amin'ny Vondrona B nisy azy tamin'ny fifanintsanam-bondrona no voalohany amin'izany . Eo koa ny ekim-pirenena'i Portugal tarihan'i Cristiano Ronaldo izay tsy resy mihitsy (Fandresena 7/7 tao amin'ny Vondrona J nisy azy). I Belgique nahazo fandresena 5 sy ady sahala 1 kosa no tafita tao amin'ny Vondrona F. Anisan'ireo efa tafita ho any Allemagne ihany koa i Espagne sy Ecosse ary Turquie. Vokadalo tamin'ny alahady 15 oktobra 2023 : Groupe A ; Géorgie 4 - 0 hypre, Norvège 0 - 1 Espagne. Groupe D : Turquie 4-0 Lettonie, Pays de Galles 2-1 Croatie. Groupe E : Tchèque 1 - 0 Îles Féroé, Pologne 1 - 1 Moldavie. Groupe I : Suisse 3 - 3 Bélarus, Roumanie 4 - 0 Andorre. Nitohy omaly alatsinainy 16 sy anio talata 17 oktobra ireo andro faha-8 amin'ity fifaninanana ity. Rehefa fantatra avokoa ireo ekipa tafita ho any Allemagne rehetra dia ho tanterahina any Hambour Allemagne amin'ny asabotsy 2 desambra 2023 ny antsapaka amin'ity « Euro 2024 » ity.

Rainilita



Ny ekipam-pirenen'ny baolina kitra Frantsay tafita ho any Allemagne.